12

# NY FANDEVENANA

**TANJONA**

Mahafantatra ny atao hoe fandevenana sy ny hevitra fonosin'izany

**VONTOATIM-PAHALALANA**

**Famaritana :**

Ny atao hoe fandevenana dia fampidirana ny faty na ny vata mangatsiakan'ny olona iray ao amin'ny toerana voatokana hametrahana azy rehefa vita daholo ny fomba fatao amin'ny maty.

**Ny fomba fanatanterahana ny fandevenana:**

Teo amin'ny Malagasy, dia ny mpimasy n any mpanandro no heverina fa manana fahefana hamantatra ny andro tsara hanatanterahana ny fandevenana. Ny andro tsara dia izay heverina fa mifanaraka amin'ny tonom-bitana ary inoana fa tsy ahitan-doza. Tsy izay safidin'ny tompo-manjo no arahina amin'ny fandevenana. Fady ny manokatra fasana amin'ny misandratrandro, andrasana ho folaka ny andro vao andevenana.

**Fanamarihana**

Misy dingana arahina amin'ny fandevenana: ny mialoha ny fandevenana, ny mandritra ny fandevenana, ary ny aorian'ny fandevenana.

**Sahanasa 1**

1-Hazavao tsirairay ireto seho ireto mandritra ny fanomanana ny fandevenana:

a.Mijery andro

b.Misaona

2-Inona no hevitry ny misaona?

3-Ny famonosan-damba

4-Ny tantana

5-Inona no hevitra fonosiny

**Sahanasa 2**

1-Rehefa vita ny fandevenana dia inona no ataon'ny fianakaviana akaiky ny mana-manjo?

2-Inona no fahendrena fonosin'izany atitra izany?

3-Misy fomba ataon'ny fianakaviana ihany koa rehefa miherina ny andro nandevenana? Inona izany? Ary hazavao ny antony.

**Sahanasa 3**

1-Tantarao izay efa hitanao mandritra ny fiaingana

2-Inona no atao voalohany raha vao tonga eny amin'ny fasana?

3-Inona no antsoina hoe valala fiandry fasana?

4-Inona no mety ho anton'ny hoe ny zokiolona no manatanteraka ny fisantarana ny fihadiana ny fasana, raha araka ny hevitrao?

5-Inona no dingana manaraka aorian'ny fihadiana ny fasana?

6-Ahoana ny fizotry ny fanitrihana ny faty ao am-pasana?

7-Inona no mety ho hevitra fonosin'ny fandevenana?

8-Inona no voatsikaritrao rehefa tafiditra ao am-pasana ny maty ary efa tafavoaka daholo ny olona?

9-Inona no dikan'ny fanidy fasana?

10-Inona no mamarana ny hetsika rehetra eny amin'ny fasana alohan'ny fodiana?

11-Ahoana no fisehon'ny kabary am-pandevenana?

12-Inona no mety ho vontoatiny hita ao anatin'ny kabary am-pandevenana?

13-Inona no mety ho hevitra fonosin'ny kabary am-pandevenana?